FEBROARY 2021 | NO.10

# RENIALA

FAPBM

GAZETY ISAM-BOLAN'NY TAHIRIM-BOLA HO AN'NY FARITRA AROVANA SY NY ZAVA-BOAHARY ETO MADAGASIKARA

## FAMBOLEN-KAZO

### Nanamafy laharana ny AGORA ny FAPBM, izay handrindra ireo tetik'asa mikasika ny fanarenana ny tontolo iainana


(c) Indri

Ny Tale Mpanatanteraka ny FAPBM, Atoa Alain Liva Raharijaona, dia nandray anjara tamin'ny hetsika voalohany nataon'ny Agora ho an'ny tontolo iainana sy ny ala eto Madagasikara. Ny tanjon'ity vovonana "Think-and-Do Tank" INDRI ity dia ny fampitsaharana tanteraka ny fandripahana ny ala amin'ny taona 2025, ny fambolen-kazo tsara sy maharitra amin'ny velaran-tany 200 000 ha isan-taona hatramin'ny 2030, ny fanarenana ny ala simba na may 200 000 ha isan-taona ho an'ny fambolena sy fiompiana.

Notanterahana tamin'ny 21 janoary ny fihaonana voalohany ny vondrona. Solontena avy amin'ny manampahefana, ONG, sehatra tsy miankina, mpikaroka sy manampahaizana, fiarahamonim-pirenena, vondrom-piarahamonina ary mpamatsy vola no nasaina. Natsangana nandritra ny fihaonana ny Filan-kevitrin'ny Agora ary nofaritana ireo laharam-pahamehana mifandraika amin'ny tanjona voalaza etsy aloha.

Voafaritra tamin'izany ny sori-dalana 2021 : afo, fananan-tany/fandrindrana fanjariana ny tany, fanabeazana/fanentanana, fambolen-kazo; ary ny fahaiza-mitantana. Natsangana ny vaomiera hiasa amin'ny lohavehitra tsirairay. Ny anarana malagasy an'ny Agora dia nadika ho Alamino. Ny FAPBM kosa dia anisan'ny mpikamban'ny Filankevitra, izay manaramaso ny fanatanterahana ny hevitra tapaka.

### Oronjia : fambolen-kazo amin'ny tany maina

Mba hamerenana indray ny ala amin'ny tany karankaina sy be vato ary simba, ny faritra arovana Oronjia (Diana) dia nampihatra ny fomba waterbox sy cocoon. Fomba iray mitahiry ny ranon'orana sy manangona ny rano mitsika eny amin'ny rivotra, mba hitsitsina ny rano ambany ny tany. Ny rano voangona amin'izany dia afaka mandona ireo zanan-kazo mandritra ny fotoana maharitra, indrindra mandritra ny taona voalohany, izay mbola mahamarefo azy ireo. Ny fomba waterbox sy cocoon dia tsara ampiasaina ho an'ny faritra arovana any andrefana sy atsimon'i Madagasikara.

“Hanomboka andiam-panandramana vaovao hamerenana ireo ala-javaboahary eto amin'ny faritra arovana Oronjia, Ramena Antsiranana. Mba hamahana ny olana manasarotra ny fambolen-kazo aty Oronjia, toy ny rivotra mandritra ny hain-tany, ny biby fiompy, ny hamainany ny tany ary ny fahavitsian'ny rotsakorana, ny Fikambanana Tsimoka dia nanao fikarohana nanomboka tamin'ny taona 2017. Anisan'ny andrana natao tamin'ny 2021 ny fampiasana ny fomba vaovao (cocoon sy water-box). Misaotra an'y Missouri Botanical Garden (MBG) Shared Resources Joint Solutions (SRJS), Franklinia, Critical Ecosystem Partnership Fund (CEPF) ary FAPBM”, hoy ny pejy Facebook an'i Oronjia.

Oronjia, izay tantanan'ny MBG dia novatsian'ny FAPBM nanomboka tamin'ny 2012. Mirefy 1678 ha ny velarany, mampiavaka azy ny ala maina sy fasika vatosokay.

Raha mila fanazavana fanampiny momba ny waterbox sy cocoon dia mifandraisa amin'i :
Jérémie Razafintsalama, mpiandraikitra ny faritra arovana (jeremie.razafintsalama@mobot.mg)



(c) Oronjia

# TAO KAONTY MAITSO

## Nanatrika ny atrikasa mikasika ny "Tao kaontin'ny tontolo iainana ho an'ny harena voanjanahary"



(c) FAPBM

Ny atrikasa nasionaly momba ny "Tao kaontin'ny tontolo iainana ho an'ny harena voanjanahary" dia natrehan'ny mpiandraikitra ny fanaharan-maso sy ny tombana, Atoa Serge Ratsirahonana. Izany dia natao ny 20 Janoary 2021. Novelabelarina tamin'izany ny tokony hanisana ny harena voanjanahary amin'ny fanombanana ny harin-karena nasionaly. Noraisina ho ohatra ny faritra arovana Mahavavy Kinkony.

Teo ambany fiahian'ny Minisiteran'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana siantifika (MEnSupReS) sy ny Minisiteran'ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovainjafy (MEDD), ny hetsika dia nampivondrona ireo mpanao politika, sy mpitantana ny faritra arovana ary ireo vondrom-piarahamonina.

Ny tao kaontin'ny tontolo iainana ho an'ny harena voanjanahary, fantatra amin'ny anarana hoe tao kaonty maintso, dia mampiditra ny masontsivana momba ny tontolo iainana (toy ny tombam-bidin'ny tetik'asa, ny fahasimban'ny ala sy ny tontolo iainana, ...) Eto Madagasikara, ekipa multidisiplinaly avy amin'ny Observatoire de Géophysique d'Antananarivo, ny Faculté de Science ny oniversiten' Antananarivo, ary ny Committee Economics, Ethics, and Environment for the Development of Madagascar (C3EDM) no nanao fikarohana momba ny fampiharana izany amin'ny faritra arovana vitsivitsy.

Taorian'ny faritra arovana vaovao (NAP) Antrema sy Bombetoka (Boeny) tamin'ny 2015-2016, dia Mahavavy Kinkony, (CMK - Boeny), izay vatsian'ny FAPBM, no nahazo tombony tamin'ity fikarohana ity.

Ny valin'ny fandalinana dia nampiseho ny fivoaran'ny fampiasana tany ao amin'ny CMK nanomboka ny taona 2014 ka hatramin'ny 2018:

### FIVOARANA 2014 -2018

| | |
|---|---|
| Tanàna | +24 ha/isan-taona |
| Tanim-bary | +508 ha/isan-taona |
| Fambolena | +1 694 ha/isan-taona |
| Ala | -2 882 ha/isan-taona |
| Ala honko | -377 ha/isan-taona |


Raha tsy miova io fivoarana io dia tsy hisy ala voajanahary intsony amin'ny 2050 ary tsy hisy intsony ny honko afaka 25 taona ao amin'ny CMK. Amin'ny lafiny ara-bola, dia fatiantoka 856 534 USD isan-taona no tsikaritra teo anelanelan'ny 2014 sy 2018 raha nandinika ny harena voajanahary (rano, ala, karbonina, fotodrafitrasa maitso, fampiasana tany, fahafahan'ny tontolo iainana miarina, ...).

Araka ny filazan'ny mpikaroka dia tokony heverina ireo tondro ireo hahombiazan'ny fitantanana ny CMK. Ny volana Jolay lasa teo, dia nampahafantarina ny manampahefana tany amin'ny Faritra Boeny ireo vokam-pikarohana ireo.

Ireo vokam-pikarohana ireo dia mifameno amin'ny fandalinana nataon'ny FAPBM momba ny sanda ara-toekarena amin'ireo faritra arovana. Ny valin'izany dia vinavinaina hivoaka ny volana martsa 2021.

### Tao kaonty maintso: fitaovam-pitantanana ho an'ny faritra arovana

Ny fomba fiasa nanaovana ny fikarohana (EANC na Taokaontin'ny tontolo iainana ho an'ny harena voanjanahary) dia nifototra tamin'ny fomba fiasa sy ny fifanarahana samihafa momba ny fampandrosoana maharitra (Rio Convention, Rio + 20), momba ny fiovan'ny toetrandro (UNFCCC, SDO, Nagoya Protocol, .. .) ary momba ny harena voajanahary (CBD, Strategy Aichi, ...)



# ANTREMA

## Sira 10 taonina miangona amidy



(c) Antrema

Antrema, faritra arovana any Boeny, dia fantatra fa toerana sarobidy ho an'ny varika Propithecus coronatus. Izy io dia noforonina nohon'ny fangatahan'ny ampanjaka ho fiarovana ireo Prophitecus izay manan-danja amin'ny foko Sakalava Marambitsy, heveriny ho toy ny razamben'izy ireo. Ny Muséum national d'Histoire naturelle (MNHN), miaraka amin'ny fikambanana Antrema Miray no mpitantana ny faritra arovana. Isan-karazany ny hetsika fampandrosoana natao, anisan'izany ny famokarana sira. Ny fiarovana ny ala honko, izay miaro ny morontsiraka amin'ny fikaohon'ny ranomasina, no ahafahana mitrandraka ny faritra honahona.

Na dia voafehin'ny fikambananan' ny fokon'olona aza ireo teknika famokarana sira, dia mananosarotra ho an'izy ireo kosa ny mahita mpividy sira. Tamin'ny taona 2019 ohatra, raha nahatratra 5 taonina ny famokarana sira araka ny vokatra voaray tamin'ny fidinan'ny iraka FAPBM. Dia ny hampahany ihany no lafo tamin'ny fiandohan'ny taona 2020. Noho ny hamehana ara-pahasalamana, dia tsy afaka novarotana intsony ireo sira voahangona. Sahirana ireo fokonolona amin'ny fisarihana ireo mpanango-bokatra ireo ho any Antrema. Ny FAPBM dia manolo-kevitra hatrany ireo mpitantana faritra arovana izay vatsiany vola mba hanana paikady amin'ny fametrahana lalam-pandraharahana ho an'ny hetsika fampandrosoana, ao anatin'izany ny fanoratana drafi-pandraharahana. Tamin'ny fiandohan'ny taona 2021 dia 10 taonina ny tahirin-tsira vovony. Anisan'ireo fiantraikany'ny valan'aretina COVID-19 amin'ny toekarenan'ny faritra lavitra sy mitokana sady tantanam-pokonolona izao zava-mitranga izao.

**Ny vondrom-piarahamonina ao amin'ny faritra arovana dia manao antso avo ho an'ireo afaka mifanentana.**

### Ny famokarana sira any Antrema



(c) Antrema

Ny sira voakarin'i Antrema dia azo avy amin'ny tanety miamboho ny ala honko. Mihady lava-drano amin'ireo tanety ireo. Alaina ny rano masira dia afindra ao anaty dobo voarokatra plastika. Avela ho may ny masoandro eo. Ary rehefa afaka 3 na 4 andro, dia miforona ny vogan-tsira. Azo angonina amin'zay dia avy eo tontona ho vovony.

Ny vovon-tsira dia fantatra fa manankarena oligoelement toy ny vy, manganese ary mineraly hafa. Ny sira avy eto Madagasikara manokana dia miavaka amin'ny habetsahan'ny tahan'ny kalsioma, manezioma, iode, potasioma sy ny hahakelin'ny tahan' ny sodium (izar ratsy ho an'ny fahasalamana).

Ny famokarana sira dia manome fidiram-bola ho an'ny tokantrano manodidina ny telopolo ao amin'ny tanànan'ny Ampampamena sy Ambanjabe, mivondrona ao amin'ny fikambanan'ny mpanao sira. Noho io asa fivelomana io, dia tonga saina amin'ny maha zava-dehibe ny fiarovana ny ala honko ny fokonolona.




(c) Antrema

**Mifandraisa amin'ny faritra arovana Antrema :**

- **Claude-Anne Gauthier: CTP Antrema sy solontenan'ny Institut National de Recherche pour le Développement, IRD (claude-anne.gauthier@mnhn.fr)**
- **Roger Edmond: Mpanolotsaina teknika (rogeredmond1@yahoo.fr)**
- **Randrianarijaona Nantenaina: Mpiandraikitra ny faritra arovana (nantvalisoa@gmail.com)**